

Fampitahana ny Kolontsaina malagasy sy ny Kolontsaina kristianina

Mby aiza ka ho aiza ?	Kolontsaina malagasy	Kolontsaina kristianina
Ny teny malagasy	<p>Tokana ny teny malagasy. Tsy manakana ny maha tokana azy ny fisian'ny tenim-paritra.</p> <p>Miara-dalana hatrany amin'ny tantaram-pirenena sy ny finoana kristianina ny teny malagasy.</p> <p>Didim-panjakana no nanapahan-dRadama I ny fomba fanoratra ny abidia malagasy. Koa rehefa « a » dia « a », rehefa « e » dia « e », rehefa « i » dia « i » ary rehefa « o » dia « o », ...</p>	<p>Voadika amin'ny teny malagasy ny Baiboly ary vita pirinty voalohany tamin'ny 21 jona 1835 (184 taona amin'ity taona 2019 ity). <u>Tsy misaraka</u> amin'ny tantaram-pirenena ny finoana kristianina (Fanekena nifanaovan'Andriamanitra tamin'ny Zanak'Isiraely/Jerosalema vaovao)</p>
Ny Kolontsaina	<p>Lova sy haren-tsaina hibeazana, hitomboana sy hahombiazana ary hoenti-miaina : avy amin'ny razana (Tenin-drazana) : fikoloana ny fisaina malagasy hananana kolontsaina tsara kalitao.</p>	<p>Lova sy haren-tsaina amam-panahy, hibeazana, hitombona sy hahombiazana ary hoenti-miaina avy amin'Andriamanitra (Tenin'Andriamanitra) : fikoloana sy fiainana ny fiainan'ny zanak'Andriamnitra</p>

Fampitahana ny Kolontsaina malagasy sy ny Kolontsaina kristianina

Mby aiza ka ho aiza ?	Kolontsaina malagasy	Kolontsaina kristianina
<p>Fibeazana hitomboana sy hahombiazana</p>	<p>Fihainoana ny teny sy fandatsahana anaty izany ary ny fiainana azy</p> <p>Ny famakianteny (riba, angano, tantara, sns...)</p> <p>Ny fianarana</p> <p>Kilalaon-tsaina : Ny ankamantatra, ny ankifidy, ny hainteny, ...</p> <p>Ny kabary, ny ohabolana</p>	<p>Fihainoana ny teny sy fandatsahana anaty izany ary ny fiainana azy</p> <p>Ny famakianteny (Baiboly, revio, trakta, sns...)</p> <p>Ny fianarana Sekoly Alahady, ny fandalinam-pinoana,..</p> <p>Ny fiaraha-mandinika Soratra Masina</p> <p>Ny fifanentanana amin'ny hetsika samihafa</p> <p>Ny fifampihainoana,...</p>
<p>Avy amin'iza ?</p>	<p>Tenin-drazana</p> <p>Lovantsofina,</p> <p>Tenin-dray aman-dreny, raibe, renibe, zoky, fiaraha-monina, sns... : fanaja ny ray aman-dreny sy ny zokiolona. To teny eo amin'ny ankohonany sy ny fiaraha-monina izy : « Ny tenin-dray aman-dreny, hono, raha tsy mahavao mahafanina, raha mahavao mahafaty ».</p>	<p>Tenin'Andriamanitra</p> <p>Soratra Masina ifandovan'ny taranaka mifandimby. Entin'ny Irak'Andriamanitra, ny mpaminany, ny Apôsitôly, ny Raiamandreny am-panahy : fanaja sy tokony hohenoana ary hotoavina. Tsy ny teny ihany no tokony hohajaina sy hotoavina fa ny mpitondra teny koa.</p> <p>Fitaizana nataon'ny ray aman-dreny, raibe, renibe, zoky, fiaraha-monina, ...</p>

Fampitahana ny Kolontsaina malagasy sy ny Kolontsaina kristianina

Mby aiza ka ho aiza ?	Kolontsaina malagasy	Kolontsaina kristianina
Ny fisaina na ny fanahy malagasy (le « penser malagasy »)	Ny famakiana sy ny fihainoana ny teny : kanto, misy aina, misy hery anaty mampientenentana, mahafaly na mampalahelo araka ny zavamitranga.	<ul style="list-style-type: none"> - Ny famakiana sy ny fihainoana ny teny : misy aina, misy hery anaty mamelombelona ny fanahy -
Vokatry ny fisaina malagasy	<p><u>Manaja ny Soatoavina malagasy</u></p> <ul style="list-style-type: none"> - Ny finoana an'Andriamanitra - Ny fitiavan-tanindrazana - Ny fandalana ny tenin-drazana - Ny fandalana ny fahamarinana - Ny fanahy no maha olona - Ny fihavanana izay miorina amin'ny fifankatiavana sy ny fanajana ary ny firaisankina - Ny fanajana ny ray aman-dreny, - Ny firaisankina 	Tsy tena zava-baovao tamin'ny Malagasy ny kolontsaina sy ny soatoavina kristianina fa misy ifandraisana amin'ny iainany ao amin'ny kolontsaiana sy soatoavina malagasy. « Toy ny voanemba nitsipika an-joro, tsy very fa nafindra toerana ». Soa sy toavina izany ka naleon-dry Rasalama mbamin-dry Rafaralahy Andriamazoto holefonina tao Ambohipotsy toa izay hivadika amin'Ilay Mpanjakan'ny Mpanjaka sy Tompon'ny Tompo.

Fampitahana ny Kolontsaina malagasy sy ny Kolontsaina kristianina

Mby aiza ka ho aiza ?	Kolontsaina malagasy	Kolontsaina kristianina
<p>Mihen-danja ny fifehezana ny teny malagasy/ Tsy fahaizana teny malagasy mihitsy (vokatry ny fanjanahan-tsaina, ny fiheverana fa ratsy sy ambany rehefa gasy, ny tsy fandraisan'ny ray amandreny sy ny ankohonana ary ny fiaraha-monina andraikitra, nahazo laka ny kolontsaina vahiny.</p>	<ul style="list-style-type: none"> - Maro ny Malagasy tsy mahafehy ny teny malagasy intsony - Tsy iainana ilay « fisainana malagasy » (Ie « penser malagasy ». Mazana aza teny be akotry no re. - Nivadika ny rasa k ilay « aleo very tsikalakalam-bola toa izay very tsikalakalam-pihavanana » nosongonan'ny : « ny vola no maha Rangahy » ka « aleo very tsikalakalam-pihavanana toa izay very tsikalakalam-bola » - Very ilay « fisaina malagasy » 	<ul style="list-style-type: none"> - Tsy iainana ilay « fisaina malagasy » (Ie « penser malagasy » rehefa mandinika ny Tenin'Andriamanitra. - Na amin'ny Vakiteny aza indrainray miova ny fipetrky ny lantompeo dia mety hivaona ny tian-kambara. - I Jodasy Iskariota aza nahavita namadika an'i Jesoa tamin'ny denaria 30 sy tamin'ny oroka.

Fampitahana ny Kolontsaina malagasy sy ny Kolontsaina kristianina

Mby aiza ka ho aiza ?	Kolontsaina malagasy	Kolontsaina kristianina
Ny vokatry ny fanjanahan-tsaina	<p>Niova ny fomba fijery sy ny fomba fisaina Ny « aleo very tsikalakalam-bola toy izay very tsikalakalam-pihavanana » nosongonan'ny « Ny vola no maha Rangahy »</p>	<p>Tsy iainana araka ny tokony ho izy ny foto-kevitra ijoroan'ny finoana. « 20 Raha misy manao hoe: «Manam-pitiavana an'Andriamanitra aho», nefa mankahala ny namana iray finoana, dia mpandainga izy; fa raha ny namana izay hitany aza tsy tiany, hataony ahoana no fitia an'Andriamanitra Izay tsy hitany? 21Ary izao no didy azontsika tamin'i Kristy: izay manam-pitiavana an'Andriamanitra dia tsy maintsy manam-pitiavana ny namana iray finoana koa. » (1Jaona 4. 2021).</p>
Fanamby : Ny asa miandry	<p>Fandraisan'andraikitry ny isan'ambaratonga : Fanarenana ny lesoka, famerenana ilay « fisaina malagasy » sy fiainana izany, Ilana finiavana sy ftiavana ary faharetana izany.</p>	<p>Fijoroana ho vavolombelona amin'ny Teny sy ny Asa ho Voninahitr'Andriamanitra Ray. Ilana finiavana sy ftiavana ary faharetana izany.</p>